# FIFANINANA HO AN'NY VONDRON'OLONA IFOTONY

**Tanjona :**

- Ahafahan'ny VOI mampiseho ny zava-bitany, sy hizara izany koa amin'ny hafa;
- Ahafahany ihany koa manohana ny zava-bitany, mampisongadina izany;
- Ahaizany mandray toro-hevitra entina hanatsarana na ny fomba fiasa, na ny vokatra azo, na ny fitantanana, ….
- Ahaizany mifanakalo hevitra amin'ny VOI any amin'ny toeran-kafa, mety ivelan'I Madagasikara mihitsy aza

**Zavatra atao:**

- Asehoy amin'ny alalan'ny tahirin-kevitra na tahirin-tsary ny zava-bita tsara indrindra nataon'ny VOI;
- Asongadino izay zava-bita izay, ary lazao izay tena maha-samihafa azy amin'ny nataon'ny hafa;
- Tantarao ny fomba natao hahatanteraka io asa io (tanjona, iza no nanao azy, taiza, ahoana)
- Inona no mety hanatsaranao ny vokatra azonao?
- Ahoana no fomba hizaranao io zava-bita tsara io amin'ny hafa?

**Fepetra:**

- VOI nahazo famatsiam-bola avy amin'ny Fondation Tany Meva na Tany Meva sy ny GEF/SGP, nahomby tamin'ny fanatanterahana ny tetik'asa, nazava ny fiaraha-miasa.
- VOI vonona ny handroso hatrany, ka hanatsara ny zava-bitany rehetra

**Ireo mason-tsivana isafidianana ny VOI**

1. Ny fomba nanatanterahana ny tetikasa, ny fandraisan'anjaran'ny rehetra tamin'ny tetikasa ary ny fiarahamiasa tamin'ny olona hafa.
2. Ny mampiavaka ny zavatra natao amin'ny nataon'ny hafa. Ny fahazoana manaparitaka tsara ny zavatra vita ho an'ny rehetra.
3. Ny fiantraikan'ny tetikasa tamin'ny fiovan'ny fomba fanao, fitondrantena, fiarahamonina, fitantanana, sosialy, ….

**Dingan'ny fifaninana**

Ny fifaninana dia mandalo dingana roa (2):

***Dingana I***. Fisafidianana ireo VOI mamaly tsara ireo mason-tsivana voatanisa eo ambony.

***Dingana II***. Fisafidianana ny VOI mahazo ny loka, avy ao amin'ny lisitra voasivana.

**Fotoana:**

Alefa aty amin'ny Fondation Tany Meva alohan'ny **20 Aogositra 2011**, ny tolotra ataon'ny VOI mandray anjara

**Loka:**

Fandehanan'ny solontena iray avy amin'ny VOI nahazo ny laharana voalohany hitsidika sy hizara ny zava-bitany amin'ny fikambanana any ivelan'I Madagasikara.

**<u>Fisafidianana ny solon-tena</u>**:

Mila fantatra mialoha ny anaran'ny solontena avy amin'ny VOI tsirairay avy. Ireto ny mason-tsivana isafidian'ny mpikambana izany solontena izany:

- Tsy voatery ho ny filoha na ny mambra ny birao no mandeha
- Io solontena io dia tokony ho:
    - *Olona mahay mifandray tsara amin'ny hafa*
    - *Afaka mizara sy manazava ny zava-bitan'ny VOI soloiny tena*
    - *Olona mavitrika sy maharesy lahatra*
    - *Olona vonona ny hanome ny traikefa rehetra azony amin'ity fifanakalozana ity ho an'ny mpikambana rehetra ao amin'ny VOI misy azy, sy ny VOI hafa ihany koa;*
    - *Vonona ny hiasa sy hampandroso ny VOI misy azy, hanatrarany ny tanjona izay napetrany;*
    - *Olona mahay miteny frantsay (raha azo atao)*

# LASITRA IASANA

(Averina ary adika amin'ny taratasy fotsy madio ny valiny)

**Anaran'ny VOI**:……

**Toerana misy azy**: ……

**Commune**: ……

**Tetik'asa nahazoana famatsiam-bola** : ……
……
……
……..

**Faharetany** : …….

**Totalin'ny famatsiam-bola azo**: ……

**Anaran'ny solontena:…….**

**FANONTANIANA HO VALIANA**

1. Ahoana ny fomba nanatanterahana ny tetikasa (inona avy ireo dingana narahina nandritra ny fanatanterahana ny tetikasa?),
2. Nanao ahoana ny fandraisan'anjaran'ny rehetra tamin'ny tetikasa (hazavao ny mombamomba ny fandaminana anatiny teo amin'ny mpikambana tamin'ny tetikasa) ?
3. Nanao ahoana ny fiarahamiasa tamin'ny olona hafa ? (hazavao ny fiaraha-miasa tamin'ny manodidina, ny manam-pahefana, ny mpitantsoroka isan-karazany, …)
4. Inona no mampiavaka ny nataonareo amin'ny nataon'ny hafa? (lazalazao fohifohy ny zavatra natao tena mampiavaka amin'ny zavatra nataon'ny hafa)
5. Azo aparitaka tsara ve ny zavatra vita? Amin'ny fomba ahoana?
6. Manao ahoana sy ahoana ny fiantraikan'ny tetikasa tamin'ny fiovana ny fomba fanao, fitondrantena, fiarahamonina, fitantanana, sosialy, ….? (lazalazao ny vokatra azo teo amin'ny fomba fanao, fiarahamonina, …)
7. Manana tahirin-tsary entina hanazavana na hanohanana? Eny na tsia?
8. Inona avy ireo olana nosedraina (raha misy) sy ny namahana azy?
9. Inona no mety soso-kevitra ho fanatsarana ny asa sy ny traikefa nahomby nataon'ny VOI

**Fanamarihana**

Atao any amin'ny tahiri-kevitra fanampiny ny zavatra tsara azo hanohanana ny antontan-taratasy ifaninana.

**FANEKENA ATAON'NY SOLONTENAN'NY VOI**:

Izaho ……, monina ao …… ……., tompon'ny karapanondro laharana ……., vita tamin'ny ……., nalaina tao ……, dia:

- Manaiky marina fa hitondra ny zava-bitan'ny VOI ……, hizara izay any amin'ny hafa, na eto an-toerana na any ivelany
- Vonona koa aho ny handray ny traikefan'ny hafa, hizaha izay mety mahasoa ny VOI misy ahy sy ny manodidina ahy,
- Rehefa tafaverina avy any amin'io fifanakalozana io, dia hizata izay rehetra hita sy re tany, ho an'ireo mpikambana amin'ny VOI misy ahy, ny fokonolona, ny VOI hafa, sns…
- Tsy hiala ao amin'io VOI misy ahy io, fa hanao izay hanatsarana ny asa sy ny vokatra azo ao.